



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitavana · Tanindrazana · Fandrosoana

## **FIADIDIANA NY REPOBLIKA** **FAMPITAM-BAOVAO**

**29 Martsa 1947 - 29 Mars 2019 : « Tolom-panafahana,taratrynyhambompom-pirenena, antokin'nyfampandrosoana »**

Ny lohahevitra nentina nahatsiarovana ny faharoa amby fitopolo taonan'ny toloompanafahana tamin'ny 29 martsa 1947 dia ny hoe « 29 martsa : tolo-panafahana, taratry ny hambompom-pirenena, antokin'ny fampandrosoana ». Tonga nametraka ny fehezam-boninkazo teo amin'ny fasan'ny mahery fo eo Avaratr'Ambohitsaina ny filoham-pirenena Andry Rajoelina androany maraina.

« Tsy ho avelantsika ho raraka an-tany ny herim-po sy herintsain'ireo mahery fo fa ho avadintsika ho angovo hampiredareda ny afon'ny fitavan-tanindrazana ao ampontsika tsirairay avy » hoy ny filoham-pirenena nandritra ny lahateniny. Mbola mitohy ny tolona hoy ihany izy, hanatanteraka ireo tanjona nokendren'ireo raiamandreny tia tanindrazana dia ny fandrosoan' i Madagasikara ao anatin'ny fahaleovantena marina : fahaleovan-tena ara-tsakafy, ny fahaleovantena ara-toekarena ary ny fahaleovantena ara-kolontsaina. Nanao antso avo hoan'ireo malagasy rehetra ihany koa ny tenany mba hanehofiraisan-kina tahaka ireo raimandreny tamin'ny1947 ka hifanome tanana hampandroso ny firenena amin'ny fanatanterahana ny vina efa napetraka. « Tsy hijanona ho fahatsirovana fotsiny ny andro androany fa ho ainga vaovao hanohizana ny ady sy ny tolona nataon'ireo raimandreny : ady amin'ny fahantrana, tolona ho an'ny fampandrosoana ary tsy maintsy ho tanteraka ny vina nofaritana. » hoy ny filoha Andry Rajoelina teo ampamaranana.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika  
29-03-2019